# 365Tantara 46.Ny teniny farany.



# 46. Ny teniny farany.

Manampahaizana mpandidy iray no andeha hanao fandidiana tamin’ny tanora tantsaha iray izay tratry ny homamiadan'ny lela, tany amin'ny hopitaly lehibe tao Paris ny tantara.

Mpianatra vitsivitsy no nanodidina ny latabatra fandidiana nandritra ny fanomanana farany.

Nampandre ilay marary ny dokotera fa, amin’ny tranga tsara indrindra, dia tsy maintsy niomana ny tsy ho afamiteny intsony izy aorian'io fandidiana io.


Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



- Raha mbola manana faniriana na zavatra hambara amin'ny feo avo ianao, dia ataovy izao, hoy izy niso-so-kevitra azy.

Eritrereto tsara fa ireo no teny farany hambaranao.

Rehefa mifoha ianao aorian' ny fandidiana dia ho moana.



Niandry fatratra ny teny farany hotenenin'ity tovolahy ny rehetra.
Nikipy fotoana fohy ny masony ary avy eo dia niteny tamin'ny feo mazava sy mafy hoe:
- Voninahitra ho an'i Jesosy Kristy!



Taitra ireo mpanampy, ary ilay mpitsabo dia tsy nahatana ny fihetsem-pony.

Nahomby tsara ny fandidiana.

Ary tsy nanakana avy eo, ilay tanora kristianina hifaly ao amin'ny Mpamonjiny ny tsy fahafahany miteny.



Any aoriana any, hisokatra indray ny vavany rehefa, ao anaty vatana vaovao,

hifanatrika amin'ny Tompony izy.

Raha tao anatin'izao tranga  izao isika, inona no teny farany izay nolazaintsika?

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa